

Embassy of the United States ANTANANARIVO — USAID AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA — psi Madagascar

**FILAZANA AN-GAZETY** **15 Aprily 2019**

**Tetikasam-pahasalamana vaovao vatsian'i Etazonia hamatsiana kojakoja ara-pahasalamana any amin'ny faritra 13 eto Madagasikara**

*Tetikasa mitentina 32 tapitrisa dolara anatin'ny 5 taona, hanatsara ny famatsiana sy fanapariahana kojakoja ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, ady amin'ny tazomoka, ary fandrindrana fiainam-pianakaviana*

**ANTANANARIVO —** Natomboky ny governemanta amerikana indray ny tetikasam-pahasalamana goavana faharoa ho an'ity taona ity, nandritra ny lanonana fanokafana ara-pomba ofisialy ny tetikasa atao hoe *Improving Market Partnership and Access to Commodities Together* (nafohezina hoe IMPACT – Fanatsarana ny fiaraha-miasa eo amin'ny tsena sy ny fahafahana mampiasa kojakoja), izay iarahana amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Haharitra dimy taona ary hiteti-bidy 32 tapitrisa dolara ny tetikasa IMPACT, natao hanatsarana ny famatsiana sy fanapariahana fanafody sy kojakoja ara-pahasalamana. Natao ihany koa hanamafy orina ireo rafitra fitsinjarana kojakoja ho an'ireo fandaharana vatsian'i Etazonia vola ho fiahiana ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza, hiadiana amin'ny tazo ary ho fandrindrana fiainam-pianakaviana.

"Tanjon'ny tetikasa IMPACT ny hiantoka fa tonga any amin'ireo tena mila izany ny fanafody sy kojakoja ara-pahasalamana rehetra; hatrany amin'ireo faritra mitoka-monina indrindra. Amin'izay raha misy mpitsabo mila fanafody hamonjena ain'olona, na misy mpanentana ara-pahasalamana mila vakisiny hiarovana ankizy, dia hanana izay ilainy avy hatrany," hoy Atoa Michael P. Pelletier, Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara, nandritra ny lanonana fanokafana.

Raha nandray fitenenana ny Prof. Julio Rakotonirina, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, dia nanao teny fankasitrahana sy fisaorana ny Governemanta amerikana noho ny fanohanany tsy tapaka ny vahoaka Malagasy. Rehefa izany dia nambarany tamin'ny fomba ofisialy fa misokatra ny tetikasa IMPACT.

Ny hanatsara hatrany ny fahasalaman'ny vahoaka Malagasy no tanjon'ny tetikasa IMPACT, amin'ny alàlan'ny fanolorana tsy tapaka kojakoja ara-pahasalamana tsara kalitao. Faritra 13 amin'ireo 22 eto amin'ny nosy no hiasan'ny tetikasa IMPACT, ka ny faritra folo ahitana fandaharana ara-pahasalamana vatsian'ny USAID ary ny faritra telo ambiny kosa ahitana hetsiky ny Banky Iraisam-pirenena. Kojakoja ho an'ny ady amin'ny tazomoka, fandrindrana fiainam-pianakaviana ary fahasalaman'ny reny sy ny zaza no atoltora ao anatin'izany. Ny PSI Madagasikara no mitarika ity tetikasa ity ary tohanan'ny PATH, *Management Sciences for Health* (MSH), *Banyan Global*, ary ny *Fondation Telma*.

Ny 'fiahiana ny tsena iray manontolo' no fomba hoenti-miasa, izany hoe hiaraha-miasa avokoa na ny sehatra ara-panjakana na ny sehatra tsy miankina, amin'izay dia ny rafitra ara-pahasalamana iray manontolo mihitsy no hihamafy orina, hany ka sady hitombo ny safidy ara-pitsaboana manoloana ny mponina no ho tsara kokoa ireo tolotra ara-pahasalamana ilain'izy ireo.

Vao ny herinandro lasa teo ny Governemanta amerikana no nanomboka ny tetikasa ACCESS, haharitra dimy taona ary mitenti-bidy 90 tapitrisa dolara. Tonga kosa ny tetikasa IMPACT hanohana ireo fandaharana ho an'ny fitsaboana ara-pahasalamana atolotra ao anatin'io tatikasa ACCESS io.

**Mikasika ny USAID Madagascar**

Ny Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID) dia sampana fanampiana ny firenena vahiny eo anivon'ny governemanta Amerikana. Ny volana septambra 1984 no nisokatra ny birao foiben'ny USAID teto Madagasikara. Tamin'ny taona 2018 ny USAID dia nanolotra fanampiana mitentina 80 tapitrisa dolara eo ho eo, sy fanampiana vonjy taitra mitentina 24,5 tapitrisa dolara ho an'ny vahoaka malagasy, ka ny sehatra iasany dia ny fahasalamana, ny fanjarian-tsakafo, ny tontolo iainana ary ny tsara tantana. Raha te hahalala misimisy kokoa momba ny USAID Madagascar sy ny tetikasany ianao, tsidiho ny www.usaid.gov/madagascar.

# # #

